# MOFONAINA 27 SEPTAMBRA 2024 – Eksodosy 4:27-31

MOFONAINA 27 SEPTAMBRA 2024

**Eks 4:27-31**

## 1- NY BOKY

**11- Fandraisan'anjaran'ny tsirairay**
(Toko 40, nosoratana 1490 talohan'i Kristy, izay mitantara ny nitranga tamin'ny 1635-1490 BC)
Milaza andininy tadidinao.

**12- Fanampiny**
(Jereo ny FMSM 02.07.24)

**13- Drafitry ny boky**

1. (1-4) : Ny fahaterahana sy ny fiantsoana an'i Mosesy
2. (5-11) : Ny fihaonana tamin'i Farao sy ny loza folo
3. (12-15) : Ny Paska sy ny fanafahana
4. (16-18) : Ny dia mankany Sinay sy ny fahagagana tany an'efitra (800 km)
5. (19-24) : Ny fanekena sy ny lalàna
6. (25-40) : Fanorenana ny tabernakely sy ny fitsipika momba ny fanompoana

## 2- FAMARITANA NY TEKSTA SY RAKI-BOLANA

**21- Famaritana ny teksta**
Araka izany, ny teksta manoloana antsika dia ao amin'ny fizarana milaza ny fiantsoana an'i Mosesy. Manambara indrindra ny santatry ny asa fanompoany, dia ny fiatrehana ny vahoakan'Andriamanitra: fanomezana toky sy fanantenana.

**22- RAKIBOLANA**

**221- Famantarana**
(**Eks 4:28,30**) : « *Oth* » midika hoe famantarana na marika. Ampiasaina mba hanehoana ny fisian’Andriamanitra amin’ny fomba hita maso amin’ny alalan’ny asa mivaingana. Ireny famantarana ireny dia tonga mampiorina bebe kokoa ny finoan’ny olona.

**222- Nino**
(**Eks 4:31**) : « *He’emin* < *Aman* » midika hoe matoky na manana finoana, saiky miaraka mandrakariva amin’ny filazana ny fatokiana an’Andriamanitra. Finoana matanjaka sy fatokiana lalina ny Tenin’Andriamanitra.

# 3- IREO HEVITRA MANAN-DANJA AZO AVOAKA AVY AMIN’NY TEKSTA

**31-** Andriamanitra dia manatanteraka ny drafitr’asany amin’ny alalan’ny fiantsoana olona hiara-hiasa aminy (Mosesy sy Arona) sy olona hiara-hiasa koa.
**32-** Andriamanitra dia tsy mamela ho irery ny olona nantsoiny: ny anjaranao dia ny matoky (**Eks 4:27**).
**33-** Ny Tenin’Andriamanitra dia mahery ka mampandroso ny finoana (**Eks 4:31**).
**34-** Ny finoana dia miteraka fanetren-tena sy fankatoavana ombam-panajana an’Andriamanitra (**Eks 4:31**).
**35-** Manara-maso ny fiainan’ny vahoakany Andriamanitra (**Eks 4:31**).

# 4- FAMPIHARANA

**41-** Aoka hatoky isika fa manana drafitra ho famonjena antsika Andriamanitra ary mampiasa olona hahatanteraka izany Izy.
**42-** Aoka hifantoka amin’ny fahafenoan’ny herin’Andriamanitra ianao rehefa miatrika asa sarotra ka mahatsiaro fa kely ny herinao. Mangataha fitarihana sy hery avy Aminy.
**43-** Aoka hanao ho zava-dehibe ny fiaraha-miasa isika: aza manilika ny hafa ary aza mihataka amin’ny mpiara-manompo. Manàna toe-tsain’ny mpanao fanatanjahan-tena.

**44-** Aoka ho raisintsika amin'ny fankatoavana ny Tenin'Andriamanitra izay ambara amintsika (**Eks 4:31**).
**45-** Aoka ho fantatrao fa mitsinjo anao ny Tompo ary ny famonjena dia tonga araka ny fotoanan'Andriamanitra (**Eks 12:40** milaza fa 400 taona no nanandevozana ny vahoakan'Andriamanitra tany Egypta).